





# ILAY FIFANANDRINANA MANANONTANONA


Lesona 11 hatao ny 15 Jona, 2024



“Manamasina azy amin'ny fahamarinana; ny teninao no fahamarinana”
(Jaona 17:17)

Nandritra ny taonjato nifandimby, dia nifantoka tamin'ny fiankohofana ny ady ifanaovan'i Kristy sy Satana. Fiankohofana amin'Andriamanitra, na fiankohofana amin-javatra hafa izay manova ny foto-kevitry ny toetran'Andriamanitra.

Tamin'ny fanehoana foto-kevitra diso momba an'Andriamanitra, no nampiasain'i Satana ny olona, ny fiangonana ary fanjakana mba handringana izay rehetra maniry hiankohoka amin'ny Mpahary.

Ireo fahamarinana fototra, toy ny Lalàn'Andriamanitra, dia naolana na tena hadino mihitsy aza (raha ny amin'ny Sabata). Ny ady farany dia hihodikodina eo amin'ny fiankohofana marina amin'ny andro marina. Andao hijery ireo hery hampiasain'i Satana amin'ity ady farany ity.







Ilay fifanandrinana:

- Ny fiankohofana.
- Ny tsy fandeferana.

Ilay fahavalo:

- Ny seza fiandrianan'ny dragona.
- Ilay fery sitrana.
- Zanak'ondry sy dragona.

# ILAY FIFANANDRINANA

# NY FIANKOHOFANA

"Hianao, Tomponay sy Andriamanitray, no miendrika handray ny voninahitra sy ny haja ary ny hery; fa Hianao no nahary ny zavatra rehetra, ary noho ny sitraponao no nahanisy sy nahary azy" (Apokalypsy 4:11)






Ireo zavamanan'aina any an-danitra dia miankohoka amin'Andriamanitra noho ny heriny mamorona (Apok. 4:11; Joba 38:6-7).

Maneho ny tenany ho Mpamorona sy Mpanavotra Andriamanitra mba handraisany ny fiankohofantsika (Is. 45:6-7, 18-20; 65:18).

Ny hafatra toriana amin'ny taranaka farany dia manasa an'izao tontolo izao hiankohoka amin'Andriamanitra amin'ny maha-Mpamorona Azy (Apok. 14:7).

Ho an'i Satana, ny faniriany dia ny handray ny fiankohofan'izao tontolo izao amin'ny alalan'ny "bibidia" izay omeny fahefana "hamorona" sary ahafahany mandray ny fiankohofan'izao rehetra ary izao (Apok. 13:2, 4; 14:15).

Tsy managaga raha ny Sabata no fototry ny fifanandrinana amin'izay fotoana izay. Ireo izay "mitandrina ny didin'Andriamanitra sy ny finoana an'i Jesosy" (Apok. 14:12) dia miankohoka Aminy amin'ny andro fahatsiarovana ny famoronany.






# NY TSY FANDEFERANA

"Handroaka anareo hiala amin'ny synagoga izy; eny, ho avy ny andro, ka hataon'izay rehetra mamono anareo fa manatitra fanompoam-pivavahana ho an'Andriamanitra izy" (Jaona 16:2).



Tsy ara-nofo ny ady ataontsika, fa ara-panahy (Efes. 6:12). Tsy mampiasa fitaovam-piadiana ara-nofo isika, fa ara-panahy (2Kor. 10:3-5). Saingy, ny fahavalo dia tsy mihambahamba mampiasa fiadiana ara-nofo amintsika.




Tsy zava-poana ny "loza" ho an'ny mpino, noho ny fanafihana mahery vaika ataon'i Satana amin'ny fiangonana mahatoky (Apok. 12:12). Ho azy, dia azo am-piasaina ny fiadiana rehetra.

- Maka fanahy antsika amin'ny filàntsika izy (Jakoba 1:14)
- Mandresy lahatra antsika amin'ny hafetsena izy (2 Kor. 4:3-4)
- Mampiasa olona akaiky antsika (Mat. 10:34-36)
- Mikapoka sy mandrahona izy (Asa 5:40)
- Mampiasa herisetra feno habibiana (Jaona 16:2)

Toy izany no nataony teo amin'ny tantara, ary ho toy izany ny fanafihana farany hataony: fitaka sy hafetsena (Apok. 13:13-14); fampiharana sazy ara-toekarena (Apok. 13:16-17); didim-panjakana mampamono ho faty ho an'izay tsy miankohoka aminy (Apok. 13:15).

# ILAY FAHAVALO

# NY SEZA FIANDRIANAN'NY DRAGONA

*“ary ilay dragona nanome azy ny heriny sy ny seza fiandrianany ary fahefana lehibe”* (Apokalypsy 13:2b)



**Satana no ilay dragona (Apok. 12:9), fa ilay bibidia, izay ampiasainy ny heriny, dia ilay bibidia faha-4 ao amin’ny Daniela 7 (izay manaraka ny liona sy ny bera ary ny leoparda, jereo Apok. 13:2).**

**Ny Apokalypsy 13 dia fanazavana fanampiny ny toko faha-12. Manomboka taorian'ny fikasana hamono an’i Jesosy sy ny niakarany tany an-danitra izany (Apok. 12:3-5). Ireo andininy voalohany dia mivalapatra amin'ny fanafihana ny fiangonana nandritra ny 1 260 taona, ary ny andininy sisa dia mifantoka amin’ireo toe-javatra hitranga rehefa “tezitra tamin'ilay vehivavy ny dragona ka lasa nandeha hiady tamin'ny zanany sisa.” (Apok. 12:17).**



**Taorian’ny fanafihan'ny foko Barbariana, dia nizarazara ny Fanjakana Romana. Tsikelikely, dia tavela teo am-pelatanan’ny fiangonana ny fahefan'i Roma, izay nanjary fahefana ara-politika ka nahatonga azy ho ilay fahefana manevateva an’Andriamanitra ary nanenjika ny fiangonana mahatoky (Apok. 13:1-8)**



# ILAY FERY SITRANA

"Raha misy mamabo, dia mba hobaboina kosa izy; ary raha misy mamono amin'ny sabatra, dia tsy maintsy hovonoina amin'ny sabatra kosa izy. Indro ny faharetana sy ny finoan'ny olona masina" (Apokalypsy 13:10)



Taorian'ny nampiasany ny heriny nandritra ny taonjato maro mba "hamaboana" sy "hamonoana amin'ny sabatra" (Apok. 13:10), dia ny Eglizy Romana mihitsy no nentina ho amin'ny fahababoana (izay nitranga tamin'ny lohany: Pie VI) ary niaritra "fery saika nahafaty azy." (Apok. 13:3).




Na dia nihazona ho fananany ny Fanjakana Papaly aza ny Papa hatramin'ny taona 1870, dia namoy ny faritaniny rehetra izy rehefa nitsangana ny Fanjakan'i Italia. Tamin'izany fotoana izany, dia toa tsy ho tafaverina amin'ny fahefany teo aloha intsony ny Eglizy.

Tamin'ny 1929, dia nekena ho fanjakana mahaleo tena ny tanànan'i Vatican. Nanomboka sitrana ilay fery. Ary inona no hitranga manomboka eo?





Koa satria efa mihamiseho ireo toe-javatra hitranga amin'ny farany, dia hisy fitadiavana mpitarika ho an'izao tontolo izao izay hanolotra vahaolana amin'ny krizy manerantany. Anisan'ny vahaolana iray tsy isalasalana ao anatin'ny maro atolotry ny Papa ny fampidirana ny fialan-tsasatry ny Alahady izay teboka fototra ho amin'ny firaisan'ny fianakaviana, ny vahoaka ary ny firenena.



# ZANAK'ONDRY SY DRAGONA

"Ary hitako fa, indro, nisy bibi-dia iray koa niakatra avy tamin'ny tany; ary nanan-tandroka roa tahaka ny an'ny zanak'ondry izy sady niteny tahaka ny dragona" (Apokalypsy 13:11)



**Nipoitra avy tamin'ny fahalotoan'ny Fiangonana naorin'i Jesosy ilay bibidia voalohany. Rehefa naratra izy, dia nitady "mpaminany sandoka" hisolo azy sy hanampy azy ho sitrana i Satana (Apok. 13:11; 16:13). Nahita mpiara-dia indray izy avy amin'ny firenena iray nipoitra sady niorina tamin'ny foto-kevitra madion'ny Kristianisma: Amerika Avaratra.**

**Nanomboka nanahaka an'i Jesosy (ny Zanak'ondry) izy. Firenena repoblikana (tsy misy mpanjaka, tsy misy satroboninahitra), ary mifototra amin'ny fisarahan'ny fahefana roa (tandroka): ny fanjakana sy ny fivavahana.**

**Amin'ny maha-fahefana voalohany azy maneran-tany, dia efa manomboka miteny toy ny dragona izy. Tsy ho ela dia hanomboka hamoaka lalàna momba ny raharaha ara-pivavahana izay, hanohana ny Papa izy, ka hamorona ny "sarin'ny bibidia" (Apok. 13:12-14).**



**“Ny sarin’io bibidia io dia maneho rafi-pivavahana iray hafa manana fahefana mitovy amin’izany. Bibidia miendrika zanak’ondry no nanaovana an’ilay sary. Io bibidia miendrika zanak’ondry io dia tandindon’i Etazonia, izay toa milamina sy malefaka. Hitambatra ho amin’ny tombontsoa iombonana amin’ny finoana ny fiangonana ao Etazonia. Ary ireo fiangonana miray hina ireo no hampiasa hery miasa mangina eo amin’ny fitondram-panjakana mba hanamafisana lalàna ara-pivavahana sy hanohanana ny fikambanan’ny fiangonana. Rehefa mitranga izany, dia haneho sarin'ny fitondrana papaly i Amerika Protestanta. Amin’izay dia ho enjehina toy ireo olon’Andriamanitra fahiny ny fiangonana marina."**

**EGW (History of Redemption, Srme 1.116g)**